

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mahafantatra ahy tanteraka Andriamanitra

Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy mangataka Aminy aza aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Andriamanitra dia mahafantatra tanteraka atsika tsirairay avy, mihoatra lavitra noho ny fahalalana ny isan’ny volo amin’ny lohantsika aza(jereo ny Matio 10:30). Tao amin’ity andalan-teny kanto avy ao amin’ny Salamo ity, i Davida dia nanomboka tamin’ny zavatra tahakan’ny fagagana:

> " Jehovah ô, efa nandinika ahy Hianao ka mahalala ahy. Hianao no mahalala ny fipetrako sy ny fitsangako sady mahafantatra ny hevitro eny lavitra eny. Voadinikao ny toetro, na mandeha aho, na mandry; Ary fantatrao tsara ny alehako rehetra. Fa, indro, tsy misy teny tsy fantatrao eo amin’ny lelako, Jehovah ô. Manodidina ahy eo ivohoko sy eo anatrehako Hianao, ary apetrakao amiko ny tananao. Fahalalana mahagaga ahy loatra izany, eny, avo loatra ka tsy takatro. Aiza no hialako amin’ny Fanahinao? Aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao? (Salamo 139:1–7)

Eritrereto ny momba izay nolazain'i Davida: fantatr’Andriamanitra avy any alavitra ny eritreritsika. Nisy lehilahy iray taloha nahazo fanambarana avy amin’Andriamanitra nitantara fa ilay anjely nitondra ilay fanambarana taminy niteny hoe, “Ny eritreritry ny olona dia maneno any an-danitra tahaka ny feony etỳ an-tany.” Nanaitra ahy izany. Izany indrindra anefa no nolazain’i Davida teto.

Azo antoka, fa rehefa mandinika izany rehetra izany isika, dia tsy maintsy mamerina izao tenin’i Davida izao: “Mahagaga ahy loatra izany fahalalana; avo loatra , ka tsy ho tratrako.” Nanontany i Davida hoe, “Aiza no hialako amin’ny Fanahinao?” Izany no fanalahidy manazava ny fomba ahafantaran’Andriamanitra ny zava-drehetra maneran-tany — amin’ny alalan’ny Fanahiny. Ny Fanahin’Andriamanitra dia manenika izao rehetra izao; tsy

© 2008 - Dries Du Plessis

misy toerana tsy misy ny Fanahin’Andriamanitra dia tsy hatrehana . Amin’ny alalan’ny Fanahiny, no ahafantaran’Andriamanitra ny zavatra rehetra fantatsika, ary mihoatra noho izany — Izy dia mahalala zavatra izay tsy ho fantatsika mihitsy, toy ny isan’ny volo eo amin’ny lohantsika.

Misaotra Anao, Ray ô, fa Fantatrao tanteraka aho. Manambara aho fa amin’ny alalan’ny Fanahiny, no ahafantaran’Andriamanitra ny zavatra rehetra fantatro momba ny tenako sy bebe kokoa. Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy nangataka Taminy aza aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-246-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

